Antoko tsy miaraka amin'ny fitondrana

**Mila fantenana tsara ireo kandidà ho depiote** 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 7 febroary 2019 — Laharana 871 — Vidiny : 400 Ar


**Ampamarinana** 5

**Ny tena fototra nahatonga ny loza**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto



**Kolonely Charles A.** 2

# Ny marina momba ny 7 febroary 2009



**Jeneraly Noel Rakotonandrasana** 3

# Maty nanavotra olona dobo an-drano



**BORIBORITANY FAHA-3 (CUA)** 6

## Nanampina ireo lalana misy lavadavaka



**Fahasalamana** 6

## 3606 ny trangana kitrotro any Vakinankaratra

**Fiaram-panjakana** 5

## Mbola misy ihany tsy manaja ny lalàna...

**Mpanohitra** 3

## Tsy seza fa antso ho amin' ny fampandrosoana

**Daka kely**

Lasa minisitry ny fahasalamana koa ve ialahy ry Boaikely a !

**Fikambanana Planet Renew** 2

## Manohitra ny fitrandrahana tsy ara-dalàna ny harem-pirenena



KOLONELY CHARLES A.

# Ny marina momba ny raharaha 7 febroary 2009

**Efa voaomana, ary anisan'ny nitarika izany ny filoha ankehitriny Andry Rajoelina, ny vono olona teny Ambohitsorohitra tamin'ny sabotsy 7 febroary 2009. Tamin'ny teny Frantsay no nanaovan'ny kolonely Charles ny fanambarana sy fijoroana vavolombelona, ka dia ajanon'ny gazety amin'izay ihany fa tsy noezahana nadika mba tsy hisy hiova loatra izay zavatra tena nolazainy:**

**Voici la lettre du Colonel Andrianasoavina Charles pendant son emprisonnement, relatant le putsch en 2009 : Tsiafahy, le 14 janvier 2011 CHRONOLOGIE DES FAITS RELATIFS AU COUP D'ÉTAT DU 17 MARS 2009 :**

MOIS DE JANVIER Une réunion préparatoire de l'exécution du «LUNDI NOIR » a été organisée le 19 janvier 2009 à 22 heures à Ambatomainty par Monsieur RANJIVASON Jean Théodore en vue de créer un climat d'insécurité et des foyers de tension sur tout le territoire national pour déstabiliser et renverser le pouvoir légal. Étaient présents à cette réunion : • Général en retraite RASOLOSOA Dolin • Monsieur Alain RAMAROSON • Monsieur SARERAKA • Monsieur Ny Hasina ANDRIAMANJATO • Monsieur REBOZA Julien • Monsieur LAHINIRIKO Jean • Monsieur Patrick MOUNIBOU • Monsieur Roland RATSIRAKA • Monsieur R. Philippe dit RALIPOBE de Manjakaray et R. Marcellin dit RAMARCELLIN d'Anosipatrana (chefs des gros bras), ainsi que 20 gros bras. Il a été décidé au cours de cette réunion de : A. Recruter des gros bras au niveau des bas quartiers pour constituer 20 groupes de 30 gros bras. RALIPOBE et RAMARCELLIN sont les chefs. Chaque groupe est payé à 1 000 000 d'Ariary et le financement est assuré par Andry RAJOELINA en vue de : a. Casser les grands magasins tels que JUMBO SCORE et autres b. Saccager et incendier les MAGRO dans toute l'Île et les biens des nationaux et étrangers proches du régime. c. Détruire et incendier la TVM et la RNM ainsi que la station MBS. d. Laisser ensuite les voyous et la population des bas quartiers à entrer librement et piller ces centres commerciaux, grands magasins et ces stations Radio et Télévision. B.



*I Andry Rajoelina sy ny tetezamitany, no nanagadra ny kolonely Charles Andrianasoavina toy izao.*

Répartir les secteurs entre les personnalités suivantes : a. ANKORONDRANO et environs : Alain RAMAROSON. b. BEHORIRIKA-ANTANIMENA-ANALAKELY : RANJIVASON Jean Théodore. c. TANJOMBATO et environs : SARERAKA d. ANTSIRANANA : Patrick MOUNIBOU e. TOLIARA- FIANARANTSOA : REBOZA Julien, LAHINIRIKO Jean, SARERAKA. f. TOAMASINA : Roland RATSIRAKA. Il est à souligner qu'après le coup dans la capitale, les quelques éléments des gros bras ont été envoyés dans les provinces pour accomplir leur mission. Le lundi 26 janvier 2009, exécution du plan appelé « LUNDI NOIR ». MOIS DE FÉVRIER 2009 Réunion préparatoire du 07 février 2009 au domicile de Andry RAJOELINA le 06 février 2009 au début de la soirée. Ont été présents : • Général en retraite RASOLOSOA Dolin • Alain RAMAROSON • Monja ROINDEFO • Cyrille RASAMIZAFY • Patrick MOUNIBOU • Général en retraite RAMAKAVELO Désiré Philippe • Ny Hasina ANDRIAMANJATO • LAHINIRIKO Jean • REBOZA Julien • SARERAKA • Lieutenant-Colonel FIDIMALALA • Lieutenant-Colonel SONDROTOLALA. Selon Monsieur Cyrille RASAMIZAFY, Président actuel de l'ESCOPOL, « Il faut verser du sang à titre de sacrifice pour la réussite du coup », proposition adoptée par tout le monde et une décision a été prise la nuit même par Andry RAJOELINA de monnayer les manifestants et les éventuels victimes. Exécution du 07 février 2009 selon la décision prise dans la nuit du 06 février 2009. Mouvement et manifestation populaires conduits par Monja ROINDEFO, le Général en retraite RASOLOSOA Dolin, SARERAKA, Alain RAMAROSON grâce à la bénédiction de Andry RAJOELINA sur la place du 13 mai.

***Ny Valosoa***

Fikambanana Planet Renew

# Manohitra ny fitrandrahana tsy ara-dalàna ny harem-pirenena

Manoloana ny famarotana ny toerana misy harena an-kibon'ny tany, izay nataona filoha nifamdimby teto an-tanindrazana , fantatra fa mijoro ankehitriny ny fikambanana Planet Renew, ivondronan'ny Malagasy sy Vahiny monina any ivelany, tarihin-dRamatoa Irène Ramiandrisoa, Walson Walfang René, ary Rakotolahy Charles. Malagasy monina any ivelany ireto mpitarika ao anatin'ity fikambanana ireto , ary hijoro hanohitra ny famarotana sy ny fitrandrahana tsy ara-dalàna, izay fantatra fa manimba ny toekarem-pirenena ankehitriny aty Madagasikara. Dingana lehibe vitan'izy telo mianadahy mianaka ireto ny fanatrehana ny "Forum Économique International "tany Davos, izay sehatra lehibe nahafahan'izy ireo nifampiresaka nivantana tamin'ireo filoham-pirenena sy mpandraharaha mampiasa vola eto amintsika. « Aok'izay ny fivarotana Tanindrazana, ary miangavy ny mpitondra izahay mba hijery akaiky ny tombontsoa azon'ny Vahoaka Malagasy avy amin'ireny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany ireny, hoy izy ireo. Betsaka ireo tany efa lafo hitanay aty ka hanairanay ny mpiray tanindrazana mba hijoro handray andraikitra haingana, sao ho lany tamingana ny harem-pirenena any amin tsika », hoy i Irène de Madà, nanazava ny antom-pisian'ny fikambanana. Arak'izany dia manao antso avo amin'ny fitondrana ankehitriny izy ireo mba hampitsaharana ny fitrandrahana hita fa sady manimba ny tontolo iainana , no tsy ahitan ireo vahoaka tombontsoa akory , toy ny ataon'ny Toliara Sands any Atsimo. Manentana ny mpiray tanindrazana ihany koa izy ireo ho sahy hijoro , ary tsy hanaiky lembenana ny amin'ny famarotana an'i Madagasikara .

***Helisoa***

Fondrana Rajoelina

# Mizotra mankany amin'ny jadona

Efa hita taratra hatreny amin' ny Antenimieram-pirenena Tsimbazaza, ny fahalanian'ny volavolan-dalàna natolotry ny governemanta, ho lanian' ny solombavambahoa-ka, ny amin'ny fanomezana fahefana ny filo- hampirenena hisolo toerana ny solombavambahoaka mandra-pijoron'ny Antenimierampirenena vaovao eto amintsika, amin'ny volana mey 2019 ho avy izao. Raha ny fantatra tokoa dia ny 27 mey 2019 ho avy izao no hanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka eto Madagasikara amin'ity taona ity, raha toa ka tapitra ny 5 febroary lasa teo ny fotoam-piasan'izy ireo rehefa naharitra dimy tao- na. Mbola lany teny anivon'ny Antenimierandoholona koa anefa ireo volavolan-dalàna roa natolotry ny governemanta ireo, raha toa ka loholona 52 no nandany izany ny talata lasa teo. Midika ho tsy fanekena ny fahalanian'ity volavolan-dalàna ity ireo loholona avy amin'ny Tim sy ny Hvm matoa tsy nilaza ny heviny taorian'izay. Ny Fitsarana Avo mom-ba any Lalàmpanorena-na no andrasana farany raha toa ka hanaiky na tsia ireo volavolan-dalàna lany teny anivon'ny Antenimierandoholona ireo. Raha eken'ny Hcc ny fahalanian'io volavolan-dalàna io, dia midika fa mizotra mankany amin'ny jadona ny firenena satria sady handidy no hanapaka ary tsy misy mpanara-maso ny filohampirenena napetraky ny HCC sy ny CENI Andry Rajoelina. Raha mbola hasian'ny HCC fanitsiana kosa na lavina dia midika ho fanomezana vahana ny safidim-bahoaka izay. Fanontaniana mipetraka arak 'izany ny hoe, hanai-ky ny fahalanian'io volavolan-dalàna lany teny anivon'ny Antenimierandoholona sy ny Antenimierampirenena io ve ny Hcc ? Mbola baraingo izay.

***Rajo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Raharaha 07 febroary : mbola hikobona ny marina

Raharaha mbola mijanona ho tsy fantatra ny marina momba azy efa 10 taona katroka izao, ny raharaha 07 Febroary 2009. Niainga tamin'ny fanasana ati-doha sy fitarihana vahoaka teny amin'ny kianjan'ny 13 Mey io raharaha io tamin'io andro io. Nataon-dry Andry Rajoelina mpanongam-panjakana sy ny ekipany tamin'izay fotoana izay, nandentehana tao an-dohan'ireo vahoaka tsy hihaino afa-tsy feondakolosy tokana dia ny nambarany ihany. Tsy nisy ny fisainana na kely aza hifampihaino sy hifanakalo hevitra tamin'ny fitondrana Ravalomanana fa ny novoizina dia ny fankahalana sy ny hanongana ihany. Dia notarihina niakatra nankeny amin'ny Lapan'Ambohitsorohitra ireo vahoaka "voafahan-dalitr'" ireo mpitarika. Tsaroana tsara ny antsoantso nataon'ireo mpanao gazety tao amin'ny Radio Mada tamin'iny andro iny sy fiangaviana ireo vahoaka mba tsy hiakatra eny, saingy antso an'efitra ihany izany, ny fanasana ati-doha ihany koa ny teti-dratsy samihafa efa tafapetraka tsara. Mazava loatra fa tsy maintsy misy ny fisakanana ataon'ny mpitandro filaminana amin'ny toe-javatra toa ireny, indrindra izany hoe hanani-dapa izany. Tampoka tao anaty mbola fifampiresahana tamin'ny sakana fahatelon'ny mpitandro filaminana no nirefotra ny basy izay araka ny fanadihadiana miparitaka amin'ny tambazotran-tserasera dia tsy niainga avy eny amin'ny Lapan'Ambohitsorohitra. Nasosoka tao an-tsain'ny vahoaka Malagasy hatrany anefa rehefa tonga teo amin'ny fitondrana ny mpanongam-panjakana fa Ravalomanana no tompon'antoka, ary nohamafisina hatrany ny fanaratsiana sy ny fankahalana azy. Nanamafy izay ny nisian' ny fitsarana azy izay natao teny an-kalamanjana teny amin'ny 13 Mey sy namoahana didim-pitsarana. Mazava loatra fa tsy mitombina izany na dia ho an'ny olona tsy mahay lalàna loatra aza. Miendrika fanarontsaronana ny tena marina ny fahitana izany toe-javatra izany, ary nezahina hatrany izany tamin'ny fanamarihana io andro io isan-taona amin'ny fanaterana voninkazo eny anoloan'ny Lapan'Ambohitsorohitra. Nahoana no tsy namaly sy nanaiky ny antson'ny filoha teo aloha noendrikendrehina ny amin'ny hisian'ny fitsarana manokana mihitsy, tsy miandany amin'iza na iza hanadihady sy hitsara ny raharaha ny fitondrana tetezamita nandritra ny taona maro naha teo amin'ny fitondrana azy? Ilay nampangaina efa vonona ny hiatrika fitsarana marina fa tsy mitanila toy ilay teny amin'ny kianja, ka nahoana no tsy natao izany? Fanontaniana maro toy izany no mandalo ao antsain'ny mpanadihady ny raharaham-pirenena amin'ny fotoana toy izao ary mikatsaka hatrany ny valin'izany. Raha tsy mivoaka ny marina momba ny raharaha goavana toy itony 07 Febroary itony dia ho diso ihany ny tantara kendrena holovain'ny taranaka fara aman-dimby no sady hamitaka azy ireo ny taranaka "génération" niaina iny vanim-potoana maloka teto amin'ny firenena iny. Tsy hahasoa ny firenena velively anefa izany.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Romulus R**

Ny Valosoa sy hadihady

# Mpanohitra : tsy seza na voninahitra fa antso ho amin'ny tena fampandrosoana

Nolanianan'ny Antenimierandoholona tsy nasiam-panitsiana ihany koa ny fanomezampahefana ny filohan'ny Repoblika hamoaka lalàna amin'ny alàlan'ny didy hitsivolana, izay midika fa fizorana mankany amin'ny didy jadona. Nanombatombana ihany ny politisiana gasy fa tsy ho lany io fanomezam-pahefana rehefa handalo ao amin'ity andrimpanjakana ity satria maro an'isa ao ny antoko Hety Vaovao ho an'i Madagasikara (HVM), izay notombanana fa mifanipaka amin'ny an'ny MAPAR ny fomba fijery ny toe-draharaha arapolitika sy ny fitantanana ny Firenena. Araka ny fanambaran'ny filohan'ity andrimpajakana ity, Rakotovao Rivo, anefa dia ny tombontsoa ambonin'ny Firenena sy ny fampandehanan-draharaha ho fampivoarana ny fiainam-bahoaka no mibaiko ny tsirairay. Tsapa tokoa hatramin'izay nijoroan'ny Repoblika IV izay fa tsy nisy tolo-dalàna naroson'ny governemanta ka lany teo amin'ny Antenimieram-pirenena dia tsy nisy fanovàna tena nisongadina rehefa nandalo tao amin'ny Antenimierandoholona. Nisy koa ireo fitoriana nataon'ny solombavambahoaka teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), noheverina fa tena nitombina tokoa, toy ny « motion de déchéance » kanefa didy niendrika politika no nivoaka. Araka izany dia tsapa fa na maro an'isa aza ny MAPAR tao amin'ny Antenimierampirenena, ary maro an'isa ny HVM tao amin'ny Antenimierandoholona dia nifanaraka hatrany ireo Andrimpanjakana ireo. Maro an'isa koa ny HVM tao amin'ny governemanta kanefa dia tsy afaka nanara-maso ny fanatanterahana ny andraikitra nipetraka tamin'izy ireo ny depiote noho ny antony niaraha-nahalala, ny nampiasana ny malety. Ny tena antony lehibe tena tsy nampihodina araka ny tokony ho izy teo amin'ny fifandraisan'ireo Andrimpanjakana ireo dia ny tsy nahatafapetraka ny filohan'ny antoko mpanohitra araka ny voarakitra ao anaty Lalàmpanorenana. Tsy nampiraika ary tsy nampiasa saina ny vahoaka ireo toe-javatra ireo kanefa dia tena nampikoroso fahana ny fiainam-pirenena teo amin'ny lafiny rehetra. Tsy mahagaga loatra anefa izany satria olona efa niara-nitondra tamin'ny tetezamita ihany ireo toa lasa tsy nifanaraka ireo kanefa rehefa misy tombontsoa mety azo nozaraina dia natao izay nampitovy ny tadin-dokanga, na dia nivarotana ny fanahy aza izany. Ho avy indray ny fifidianana solombavambahoaka afaka telo volana eo ho eo, samy hiezaka hanana ny maro an'isa ao amin'ny Antenimierampirenena ireo antoko voasokajy ho matanjaka eto na dia nampitomboina ho dimy tapitrisa ariary aza ny antoka ho an'ny kandidà. Mamofompofona dian-tànan'ny antoko eo amin'ny fitondrana io satria efa voabaikon'ny filohan'ny Repoblika amin'izao fotoana foana ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) ary ny MAPAR no malaza ho manam-bola be tsy toko tsy forohana, ka tsy mampihontsona azy ny hanome izany vola be izany ho an'izay kandidà hirotsaka amin'ny anaran'ny antokony. Azo antoka fa tsy hanaiky intsony ny manana depiote betsaka indrindra fa tsy miantsy izy no hanolotra ny ho Praiminisitra. Tsy maintsy hivondrona ihany koa ireo ivelan'ny antokon'ny eo amin'ny fitondrana, ka hametraka ny filohan'ny mpanohitra raha tsy izany dia ny toe-draharaha teo aloha ihany no hiverina. Ny fanontaniana dia hanohitra an'iza, ary hanohitra inona ? Amin'ny ankapobeny, ho an'ny politisiana, dia ny anto-pisian'ny mpanohitra dia ny hanongana izay eo amin'ny fitondrana ary hoentina manatanteraka izany dia hasongadina izay tsy mety rehetra ataon'ny mpitondra entina hamendrofendroina ny vahoaka hitroatra. Araka izany dia ny olona eo amin'ny fitondrana no toherina sy lasibatra voalohany, izay vao mijery ny programa hoentiny mampandroso ny Firenena, ka zary fanoherana be fahatany no misy fa tsy miainga amin'ny fandalinana izay mety ho fiantraikan'izay ho hatao eo amin'ny vahoaka sy ny firenena ary anjaran'ny mpanohitra no manitsy sy mamerina amin'ny làlana tokony hizorana eo amin'ny fitantanana ny Firenena. Rehefa miziriziry amin'ny heviny sy tsy azo hatoro ny mpitondra vao mitady ny hevitra hanesorana azy amin'ny toerany amin'ny fomba ara-dalàna, fa tsy amin'ny alàlan'ny fanonganam-panjakana. Ny olompirenena hiasa eo anivon'ny Antenimierampirenena izany dia tsy maintsy tia tanindrazana, tsy ho voavidy, mahatoky, hentitra, mahay mandinika ny toe-draharaha ara-politika, sosialy ary ekonomika, ka afaka mandroso vahaolana amin' izay sakana sy tohitra rehetra manoloana.

***Andry Tsiavalona***

Antoko tsy miaraka amin'ny fitondrana

# Mila fantenana tsara ireo kandidà ho depiote

Tapitra ity ny fepotoana niasan'ireo depiote dia ho avy indray ny fifidianana manaraka, amin'ny alatsinainy 27 mey amin'ity taona 2019 ity . Kihondalana lehibe ho an'ny firenena izay ho vokatry ny valim-pifidianana eo. Na miara-mirona ho any amin'ny fahefana tokana na hisy ny fifandanjan-kery eo amin'ny mpanatanteraka sy ny mpanao lalàna ahitàna taratra ny maha firenena anjakan'ny demokrasia an'i Madagasikara. Ao anatin'izany, mila manao ezaka lehibe ny antoko tsy miaraka amin'ny fitondràna indrindra eo amin'ny fifantenana ireo olona izay hilatsaka ho fidiana ho solombavambahoaka indray, fa tsy sanatria ireo tia fahefana fotsiny no hapetraka eo , nefa tsy hita akory izay nataony ho fanasoavana ny antoko misy azy hatramizay, fa rehefa misy seza ho zaraina vao hita... Eo ihany koa ireo isan'olona, mideradera fotsiny fa tsy misy hapoaka hoy ny fitenin'ny tanora rehefa tojo zavatra mafy eo amin'ny antoko misy azy . Raha ho an 'ireo efa teo amin'ny toerana maha solombavambahoaka azy indray dia misy ireo tsy mba nandrenesampeo nandritra ny fivorian'ny depiote, mijoro ao andamosin'ireo izay miresaka amin'ny mpanao gazety fotsiny, misehoseho mba ho hita hoe ao fotsiny sy hoe: izaho anie ato e ! Faran' ny fotoam-piasàna vao mody misehoseho manao zavatra , nefa hatramin'izay tsy hita izay mba fijerena ny faritra sy toerana nahalany azy. Tsy azo afenina kosa aloha fa misy ireo tena nanao ny asany amin'ny maha solombavambahoaka azy. Tsy adala akory ny fototra ka tsy ahafantatra ny setroka sy ny tomany , fantany tsara ny olona nofidiny nitsinjo azy ireo nandritra ny fepotoana niasàny. Aoka ilay fitiavan-tseza sy fahefana , fa aleo mba izay tena mahavita azy sy mamy hoditra eo amin' ny distrika misy azy no hatolotra ho solombavambahoaka indrindra ny ao amin'ny TIM - K25 satria raha vao diso safidy eo dia hanjaka tokana ny mpitondra ankehitriny sy ny forongony. Raha ho an'ny depiote TIM manokana araka ny voalazan'ny fototra, misy amin'ireo depiote no tokony tsy ho kandidà intsony amin'io fifidianana ho avy io. Ankoatra izany, tsy voatery ireo be vola no hatolotra ho solombavambahoaka fa tsy ny vola eto no hamidy fa ilay olona mihintsy, ka tsy tokony hatao sakana amin'ny fifantenana ny olona ny volabe 5 TAPITRISA ariary.

***Helisoa***

Jeneraly Noel Rakotonandrasana

# Maty nanavotra olona dobo andrano



*Ny jeneraly Noel Rakotonandrasana.*

Misaona ny tontolon'ny tafika Malagasy, maty tampoka omaly raha nanavotra olona dobo an-drano ny jeneraly misotro ronono Noel Rakotonandrasana. Araka ny vaovao voaray, nodimandry tany Maevatanana omaly maraina ny jeneraly Rakotonandrasana Noël. Nanavotra olona latsaka tao anaty rano izy, izy indray anefa no tsy avotra fa namoy ny ainy tamin'izany. Avy nijery ny ombiny izy no handeha hiampita rano tao amin'ny kominina Mahazomà, Maevatanàna. Tavela tao anaty rano ny zana-drahalahany. Nanavotra an'io izy kanefa dia izy indray izao nindaosin'ny fahafatesana izao. Raha tsiahivina, isan'ireo nandray anjara tamin'ny hetsika tamin'ny taona 2009 izy ary lasa Ministry ny fiarovam-pirenena nandritra ny tetezamita. Nesorin'ny filohan'ny mpanongam-panjakana Andry Rajoelina anefa izy tamin'ny taona 2010. Tao aorian'izay, nangingina izy nandritra ny fitondrana Hery Rajaonarimampianina ary nandritra ny fifidianana farany teo indray vao heno sy nanohana ny kandida Marc Ravalomanana. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany sy ny fianakaviamben'ny Tafika Malagasy.

***Ny Valosoa***

Finoana sy tontolo iainana

# Hanatanteraka fambolen-kazo ny FJKM

Toy ny fanao isan-taona dia ny sabotsy izao no hanatanteraka fambolen-kazo ny foibe Fjkm. Hitarika izany fambolen-kazo izany ny eo anivon'ny foibe Fjkm. Eny Mahamasina no fiaingana iombonana ary rodobe any amin'ny station missionnaire Fihaonana Ankazobe ny rehetra amin'io sabotsy io. Tanjon'ny Fjkm isan-taona ny fambolen-kazo ho fiarovana ny tontolo iainana sy ny vina apetraka ho an'ny taranaky ny Fjkm any aoriana, raha ny nambaran'ny mpanampy ny sekretera jeneralin'ny Fjkm, ny mpitandrina Rakotoarimanana Nirina. Hotohizana isan-taona izany araky ny tapaka amin'ny toerana sy ny fotoana hanatanterahana ny fambolen-kazo iombonana isan-taona. Zanakazo 7000 no hovolena rahafaka ampitso io, ka na dia may aza ireo zanakazo novolena tany Fihaonana roa taona lasa izay, dia tsy maintsy mamboly foana ny Fjkm araky ny fanamby efa napetraka tao anatin'ny taona maro.

***Rajo***

TONONKALO

## TSY HO PARIS NA MIAMI

Ambatondrazaka dia tsy ho Paris,
Ary koa i Toamasina tsy ho Miami,
Fa izany ilay resaka tiana hateza
Fanaon'ny mpandainga sy mpitady seza.

Mandroso tokoa ireo tanàna voalaza.
Mirenty , mamiratra sady malaza.
Fa saingy tsy hoe izay ataony no tsara
Sy mety hahasoa an'ity Gasikara !

Fa manana izay iavahana isika,
Ka tsy azo terena hanaiky sy handika
Izay zava-drehetra natao tany ho any,
Fa mila mifantina ambony sy ambany !

... Fa manana ny hasiny Ambatondrazaka .
Toamasina hanao izay tsy hanala baraka.
Ka tsy hangala-tahaka be fahatany,
Fa manana izay iavahany hatrany .

***DADAN'i ZINA (03-02-19)***

## Boriboritany faha-6 (CUA)

# Manamboatra lalankely mirefy 150 m

Natomboka ny zoma lasa teo ny fanamboarana ny lalankely izay mirefy 150 m eo ho eo , eny amin'ny fokontany Ambodihady, ao anatin'ny boriboritany fahaenina Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Novaina ho "béton" ilay lalankely tany teo aloha sy efa simban'ny orana. Izany dia notontosain'ireo ekipa teknika avy ao amin'ny boriboritany. Ny fiarahamiasa tamin'ny mponina teny amin'ny fokontany no nahafahana nanao izao asa izao. Teo ny fanampiana ara-pitaovana, ara-hery tamin'ny alalan'ny tana-maro. Ny fahatsapana fa fotodrafitr'asa iombonana ny lalankely no nahatonga azy ireo ho resy lahatra sy tsy niraviravy tànana manoloana izao asa izao. Ny tanjon'ny CUA amin'izao fanamboarana fotodrafitr'asa izao dia ny hanalana ny fahasahiranan'ny mponina amin'ny fandehanana amin'ny fotaka, indrindra amin'izao andro fahavaratra izao.

***Aly***



*Fanamboarana lalankely ataon'ny CUA.*

## Tsiroanomandidy

# Vita ny famitranam-pihavanana teo amin'ilay raharaha posiposy



Taorian'ny savorovoro ny alakamisy lasa teo, izay nisehoan'ny olana teo amin'ireo mpitarika posy ao Tsiroanomandidy sy ny zanak'ilay mpandraharaha iray any an-toerana, notontosaina ny tolakandron'ny alatsinainy teo ny famitranam-pihavanana tamin'ireo fikambanan'ny mpitarika posy sy ny fianakavian' ilay mpandraharaha. Tao amin'ny toerana malalaka iray ao Antsampanimahazo no nanaovana izany, ka omby iray no natolotr'ireo fianakavian'ilay mpandraharaha ho nofon-kena mitam-pihavanana. Fifonana ampahibemaso nataon'ny vadin'ilay mpandraharaha sy ilay zanany nanoloana ireo mpitarika posy, noho fikasihana tanana sy ny teny tsy voahevitra noho ny hafanam-po no natao. Teo koa ny famerenana ny fihavanana sy ny fiarahamonina toy ny teo aloha amin'ny maha mpiray tanàna sy mpiara-monina. Anatra ho an'ny roa tonta sy fahaizana mifandefitra ialana manoloana ny disadisa hoy ny ray aman-dreny ara-panjakana nanotrona no nambarany. Taorian'ny fanadihadiana ny roa tonta teny amin'ny GAPJ Bongolava (Groupe d'appui de la Police Judiciaire) izay niantsoroka ny raharaha dia natolotra ny fampanoavana omaly ny vadin'ilay mpandraharaha miaraka amin'ny zanany ary nahazo ny fahafahana madiodio avokoa. Miverina amin' ny laoniny ny fiainan'ny mponina andavanadro ao Tsiroanomandidy ao.

***Serge***

## Tetik'asa Voatra Asa

# 4 taona niasana, tratra ny tanjona

Olona manana fahasembanana ara-pahitana misa 997 manerana ireo Faritra efa niasan' ny tetik'asa VOATRA ASA no nahazo tombony. Raha ho an'ny Faritra Vakinankaratra manokana miisa 252 izy ireo no fantatra fa manana olana ara-pahitana. Nandritra ny efatra taona ny faharetan'ny tetik'asa, ka efa maro ireo olona nahazo ny tombotsoa, isan'izany ny fampianarana asa tanana, fampianarana ny "informatique adaptée". Ny faran'ny herinandro teo dia nisy tombana natao nahitana ny valin'ny tetikasa nandritra ny efa- taona nisian'ny tetik'asa. Raha tsiahivina dia ny taona 2018 lasa teo iny no nifarana ny tetikasa VOATRA ASA . Namome voninahitra ny fotoana teto ny lehiben' ny sampandraharaha ara-tsosialy eto anivon' ny Faritra Vakinankaratra Dokotera ANDRIAMAMPIONONA Lalaniaina Ratovoarinjaka sy ny tale-paritry ny mponina. Tsy mijanona eo ny asan'ny FAAM ny Fédération des Associations des Aveugles de Madagascar ", na ny federasion'ny fikambanan'ny Jamba eto Ma- dagasikara amin'ny fanampiana ireo olona manana olana ara-pahita- na, fa miezaka izy ireo amin'ny fitadiavana ireo mpiara-miombon'antoka rehetra. Araka ny fanazavana hatrany dia efa misy ny tany nomen'ny Faritra Vakinankaratra azy ireo eny amin'ny "Parc de l'Est" hanorenana fotodrafitrasa maro toy ny birao, ny "éspace culturelle" na ny toerana ara-kolontsaina, ary ny toerana hoentina manova ny tontolon'ny olo-na jamba. Afa-po tante- raka araka izany ny FAAM tao anatin'izay efataona nisian'ny tetikasa VOATRA ASA izay satria dia efa nihoatra 70% tamin'ny fifanarahana tamin'ireo mpama-tsy vola ny asa. Fanirian' ireto olona manana fahasembanana ireto ny mbo- la hisian'ny tetikasa tahaka izao, mba hahafahan'izy ireo mivelatra hatrany amin'ny andavanandrompiainany.



*Tetik'asa Voatra Asa miasa eto Antsirabe.*

***Solohery***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy petit pois** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mety ihany koa ny hena kisoa sy petit pois, ho an'izay mihinana kisoa. Tsara raha hasiana lasary voatabia sy ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafody natoralin'ny diabeta

Fanafody natoralin'ny diabeta indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Fitomboan'ny tahan'ny SIRAMAMY BE loatra anaty Rà izay tsy vitan'ny taova intsony ny mandrindra azy no mahatonga ny DIABETA. Ajanony io filerana SIRAMAMY io. Tsy ilain'ny vatanao ny siramamy fa ny vatanao dia mamokatra siramamy ho azy. Ny vary misy siramamy, ny voankazo misy siramamy, ny haninkotrana misy siramamy noho izany TSY ILAINA NY SIRAMAMY fa POIZINA ho an'ny FAHASALAMANAO io. Ravina manga eto no ampiasaina mba hampidina faran'izay ambany ny tahan'ny siramamy. Maka ravina manga MALEFAKA 15 isa dia sasao tsara dia ampangotrahy anaty rano 1 kaopy sy tapany ny hariva. Rehefa mangotraka tsara dia esorina ambony afo ary saronana ary avela HILONA MANDRITRA NY ALINA. Vao maraina mifoha mbola tsy misakafo ianao dia SOTROY ILAY RANO REHETRA ary ario ny ravina manga. Atao in- 2 na in-3 isambolana io. Afaka hamainina amin'ny aloka ny RAVINA MANGA dia poretina amin'ny tanana rehefa maina dia afaka atao DITE ka 1/2 (atsasaky ny sotrokely) isan' andro no fatra azo ampiasaina. FANTARO FA RAHA TSY VOATSABO NY DIABETA DIA MITERAKA :

-Fahajamban'ny maso
-fahararian'ny VOA
-Aretim-po
-Fahafatesan'ny filahiana(tsy mety mihenjana)
- fahasimban'ny lalandrá
-Fery mihitatra mety hanapahana tongotra mihitsy.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

# Ny tanànan'i Mahajamba ozinina any amin'ny faritra Boeny

Ny tanànan'i Mahajamba ozinina any amin'ny distrikan'i Mahajanga II, faritra Boeny indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Ity tanàna ity dia kaominina ambanivohitra. Iva toerana izy satria 9 m miala ny ranomasina monja no haavony. Mampalaza ity tanàna ity ny fiompiana makamba na patsabe, misy ozinina momba izany ao amin'ity taàna ity dia ny Aqualma, izay mamelona ireo mponina ao amin'ny kaominina Mahajamba ozinina ity.



facebook NY VALOSOA

# Mbola misy ihany fiaram-panjakana tsy manaja ny lalànan'ny fifamoivoizana



**Alain Rabefitia:** dia mbola misy ihany ireo fiaram-panjakana minia mandika ny lalàna izay napetraka, misongona nefa tsy filoha andrim-panjakana, ka lasa mibahan-dalana.

**Roberto Franco Rasolofo :** manana asa maika kokoa ny PM fa tsy tokony handany andro amin'ireto olona mpandika lalàna ireto. Mila tonga dia tsy atao avertissement intsony fa tonga dia saziana mafy, atao exemple ho an'ireo mpanaonao foana amin' izay mba tsy hisy intsony ny hanana eritreritra hanao toy izao. Raha toa moa ka tsy membre ny govememanta dia esory aminy ny avantage-ny amin'ny fampiasana fiarakodiam-panjakana.

**Naivokely Raharison :** rehefa ohatra an'io dia aza omena lalana mihitsy fa aleo hiharitra embouteillage toy ny olon-drehetra, ka raha manao be loha dia vonoy ny moteur dia aleo samy ho eo.

**Puilo Puilo Paulin :** tsy mba fitaratra mintsy le andrimpanjakana fa mampiana-dratsy foana tsss. Ahoana fandraisana andraikitra @ itony ry ministera, inona itony eh. KIA 5718.TBG io numero io, sazio any.

**Tiana Sembic :** sous forme fotsny ny lalàna reo nga vosazy zany, ny madinika ihany no iharan'ny lalàna, ilay ministra izao nahazo fampitandremana fotsiny fa ilay mpamily no naaro tamin'ny asany, mampalahelo.

**Odon Pablo :** tena ra za no mifanena @reo, tonga dia bahanako ts mahazo lalan eo ialahy na d hamoaka basy aza a!

**Marcelline Razafindrazaza :** io ndray ry praiminisitra a! Tonga de esory maintsy fa manao tsinontsinona anao lehibe mibaiko azy sady manala baraka ny fitondrana, no manao tsinontsinona ny vahoaka.

**Seheno Razafinanja Rakotoarisoa :** ka mety zao no tao an-tsainy oe: lalàna gasy herinandro ihany no manan-kery hatramzay d apetraka ho tantara avy eo.

Tahina Ral : OTRAN'OE ARAKA NY FILAZANA VAO MAINKA DIKAINA LE IZY. MAPME BE EHHH!

**Haja Randria :** zao kosa alo e, misi n cas d force majeure, na fiara tsotra aza afaka mi-klaxonne d mangatadalana, ka ts mahazo manao anzay ve reto plaque rouge reto.

**Ellyh Franco Poéht :** mila sazy faran'izay mafy tompoko. Maninona rah izay tratra mandika ireo lalàna ireo d izy mits no esorina am toerany f tsy ny chauffeur?

**Nantenaina Nels :** soa fa ts de tazana num, efa PM be zao miteny mbola mis mahasah mandika ihany zareo, sa ve oe otran taloh ian ny eritreriny, herinandro na ray volana def azo dikaina amzay??????

**Oli Hani :** ehhh!!! santatra ambavarano daolo reo, fa ny manetsabe aza mbola hoavy, mila tohizana ny fampiharana ny lalàna fa tsy herinandro dia tsy hisy hanaraka intsony.

**Ratsara Ratsara Fidèl :** aza atao kilalao ny lalàna , ary io aza atao fananarana zany mihitsy rehefa mandika lalàna dia roahy, na ampihàro aminy ny lalàna. Amiko rehefa zay de zay, refa eny dia eny raha tsia dia tsia.

**Alefa Dada :** ho voaroaka ny mpamily, dispositions manara-penitra, fa ilay lehibe nentiny mety tsy haninona akory. Sazio koa ny lehibe nentina amin'ny tranga toy izao.

**Mario Rakotonomenjanahary :** alefa ah, io ndray PM ah!!

**Tsilavina Andry :** mbola misy miseo milay ihani v. ef fanaovana tsinotsinona ni vahoaka mihintsy ny toy izao.

**Andriniaina Fehizoro :** mitovy ve ny Fahitàna, hoe : 5718 TBG izao Numero izao ???

**Andry Niaina :** mila saziana izay tratra mbola manao pim pim pim nefa mpiasam-panjakana ambony tsotra.

Tsilavoanjarasoa Randrianarijaona : aoka izay tsy nanota taminareo ireo no hitorabato azy!

**Tiana Eliane Rak :** raitra ery ny fiaram panjakana dia manararaotra manampatra fahefana ny mpitondra azy. Mila saziana!

## RANGOTRA KELY

# Tratran'ny antsojay alana amin'ny taniny hatrany ny madinika

Tratran'ny antsojay alana amin'ny taniny hatrany ny madinika. Toy izany no nitranga teny Andohatapenaka, omaly indray ny teny Antohomadinika. Dia misy ny milaza sady mandrabiraby ny filoha mpanongam-panjakana Andry Rajoelina noho izany hoe:"mba vonjeo ireo olonao prezidà fa mba nifidy anao kosa ireo a!"




## NY TENY FIAINANA

*Koa tandremo tsara izay fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry.*

***Efesiana 5:15***

## AMPAMARINANA

# Ny tena fototra nahatonga ny loza

Toy izao ny fototra tena nahatonga ny loza teny Ampamarinana araka ny fahitan'ny mpahay tantara, sy ny mpahay ny hasin'ny vohitra Antananarivo azy.

Nambarany tamin'izany fa fantaro ny hasin'Antananarivo ary hajao. Ataoko fa tsy mety intsony ny mangiana manoloana izao voina mahazo ny mpiray tanindrazana izao hoy ny fanambarana, aina afoy noho ny tsy fitandremana sy tsy fanajana ary tsy fanarahana ny lamina napetrak'ireo olon-kendry Merina hatramin'ny nanajariana azy. Aoka ho fantatra fa io vohitr'Antananarivo io dia naorina araky ny lamina araboajanahary manaraka ny astrolojia, jeolojia, sns... Ny anaran-toerana rehetra amin'iny vohitra iny dia misy dikany daholo, ary efa voadinik'ireo olon-kendry, mpanitsakandro, mpanana tsindrimandry, sy ireo mahafehy ny tontolo arapanahy rehetra. Io faritra io dia miorina amin'ny HASINA, efa misy fomba ny fidirana sy mivoaka ao, misy fomba ny manorina trano eny, misy zoro mila hajaina eny isak'izay manao zavatra saingy tsy hiditra lalina amin'iny aho hoy izy fa hanazava aminareo fotsiny ny dikan'ny anaran-toerana amin'iny vohitra iny, satria raha fantatra sy najaina araky ny anarany fotsiny ny toerana dia tsy nisy akory ny loza toy ny fianjeran'ny vatobe sy ny fihotsahan'ny tany, ka nahafatesana olona am-polony vitsy hatreto. Ambatotsimahasoaolona: mazava be io anarana nomen'ny olon-kendry io: VATO + TSY MAHASOA + OLONA : iny faritra maromaro be vato manodidina ny Rova iny no tiana lazaina. Tsy fanao ny manao trano amin'iny, fadin'ny Ntaolo, ary efa tamin'ny nanorenana ny vohitra izany no tsinjon'ny olon-kendry Merina. Saingy tsy najaina, dia tsy mahagaga raha misy ny faty olona, ary mbola hitohy hatrany ny faty olona rehefa tsy misy ny fandraisana andraikitra.

Ampamarinana: io no atao hoe ALOKY NY FAHAFATESANA, FARITRY NY MATY. Teo no toerana namonoana ny meloka rehetra hatramin'ny faha-Mpanjaka. Famarinana ireo nanao heloka tamin'ny fanjakana, izay no maha amPAMARINANA azy. Fadin'ny Ntaolo ny manao trano eny, feno énergie negative na angôvo miiba eny, feno fanahin'ny ratsy saina. Dia ho gaga ve isika raha maty tsikelikely ny olona manorina trano eny, na ny fihariana aza mety tsy handeha amin'ny laoniny.

Ambohipotsy: mbola amin'io vohitra io ihany no misy an' Ambohipotsy izay efa diso fantatry ny rehetra. Famonoana olona koa teo, fanantonana ny lohan'izay voatapa-doha sy fanariana ny vatany. Ka rehefa ela ny ela dia feno taolampotsy tao, izay no maha AmbohiPOTSY azy. Ao amin'io zoro io dia tsy fanorenana trano, mbola ho avy koa ny anjaran'ireo atsy ho atsy raha tsy misy fandraisana andraikitra malaky.

Andohalomasina : Andohalomasina no tena anaran'Andohalo fahiny noho ny fisian'ny vatomasina, sy ny rano fihasinana tao. Teo amin'ny toerana misy ny katedraly ankehitriny io no nisy dobo masina fakana rano entina manasina saingy nototofana. Notaina fady, nanorenana fiangonana, ary vao tsy ela no nasiana sarivongana be. Nisy teny hoe "Masina" daholo ny anaran-toerana najaina teny, toy ny Andohalomasina, Ambavahadimasina, sns… fa dia niniana nofafana fotsiny rehefa tonga ny mpandrava, natao izay nanadinoin'ny taranaka fa vohitra masina io.

Rehefa lasa zanatany i Madagasikara dia nanomboka ny gaboraraka teny, nanomboka ny fanotana fady, famonoana ny tantara, fandravana vakoka. Vokany, very tadidy ny taranaka, ka manaotao foana ka maty, very hasina, mora ambakain'ny vahiny. Maro ny toerana mila fantarina ao saingy najanon'ny mpanao fanambarana sy fampahantarana hatreo aloha… Tsy mahagaga koa raha nesorin'ny mpitantana ny tanànan'Antananarivo amin'izao fotoana ny soratra lehibe hoe: "Antananarivo" teo Ampamarinana, satria tsy ho avarina an-kady hovonoina akory Antananarivo… toy ny nataon'ny teo aloha!

***Ny Valosoa***

## CRINFP ANTSIRABE

# Natolotra tamin'ny fomba ofisialy ireo mpiofana miisa 265

"Mpampianatra tsara hofana mampitombo ny kalitaon'ny fampianarana , ny fianarana no manefy ny maha olona hiatrehana ny ho avy mamiratra eo amin'ny fiainana". Lanonana ara-panjaka-na nanolorana tamin'ny fomba ofisialy ireo mpiofana no tontosa teo amin'ny ivontoerana fa-mpiofanana CRINFP "centres régionaux de l'Institut National de Formation Pédagogique » Antsirabe, ny faran'ny herinandro teo. Tonga nanome voninahitra ny lanonana Ramatoa Prefet an'Antsirabe sy ny solontenan'ny Lehiben' ny Faritra Vakinankaratra dia Ramatoa Tale mi-adidy ny fandraharahana ankapobeny sy ny lafintany eo anivon'ny Faritra, nahitana ireo mpiasa ao amin'ny CRINFP ary ny talemparitry ny fanabeazam-pirenena sy ny Chef CISCO Antsirabe I sy II. Mpiofana lahy sy vavy miisa 256 no hatolotra amin'ity ivontoeram-piofanana ity, nisa- lotra ny anarana "Mahefa" ireto andiany ireto. Ahitana avy any amin'ny faritra hafa, miampy ny eto Vakinankaratra dia ny Faritra Analamanga, Menabe. Mandritra ny 2 taona ny faharetan'ny fiofanan'izy ireo, ka ny taona 2020 izany izy ireo no hahavita ny fiofanany, aorian'izay no handray ny asany ny tsirairay sy ny taranja izay nosafidiany avy , hampianatra eny amin'ny kolejy CEG avokoa izy ireo. Mizara roa araka izany ny taranja hiofanan'ireo mpiofana ka misy ny taranja" littéraire" sy ara-kajy. Ny fiofanana anaty efitrano na ny "théorie": ny herintaona voalohany ary ny herintaona manaraka kosa dia manao fampiharana eny antsekoly . Teto ihany koa no nanolorana ireo mpiasa vaovao miisa 22 mianadahy hanampy ireo efa mpia-sa eo anivon'ny ivontoerana CRINFP Antsirabe. Miainga amin'ny filana fototra ireo mpampianatra no hatolotry ny CRINFP sy DREN Vakinankaratra , izany no iandreketan'ny CRINFP ny "Plan Régional de formation" ao anatin'ny tetikasan'ny fanabeazam-pirenena sy fanofanana ara-kasa ary ara-teknika izay isan'ny hanatrarana ny fandaharam-pianaran'ny fanjakana, anatin'ny 5 taona no hametrahana izany tanjona izany, ka hatomboka amin'ity taona 2019 ity. Nohamafisin-dRamatoa tale miadidy ny lafitany fa tsy ny Faritra Vakinankaratra irery ihany no hisitraka ny tombontsoa amin'ny fiofanana eo amin'ny fanabeazana amin'ny alalan'ny CRINFP, fa ny faritra hafa ihany koa. Tafiditra indrindra amin'ny fandaharan'asa ho fampandrosoana ara-tsosialy sy arakolotoralin'ny Faritra ity tantsoro- ka iadidian'ny ivontoeram-piofanana sahanin' ny CRINFP ity. Nandritra ny lanonana ihany koa no nifampiarahaban' ireo teo anivon'ny toeram-piofanana CRINFP sy ireo tompon'andraiki-panjakana nanatrika, izay nanolorana ny solom-bodiakoho ho azy ireo no-ho fahatrarana ny taona vaovao 2019.

***Lezama***

Boriboritany faha-2 (CUA)

## Nanadio ny manodidina ireo bakan-jaoridira

Nanao asa fanadiovana faobe teny amin'ny manodidina ny Cité Ambohipo, Boriboritany faha-2, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), mitsofoka any amin'ny FJKM indray ny ekipa mpanadion'ny boriboritany faharoa. Nodiovina tamin' izany ireo fako izay miparitaka manodidina ny « bacs à ordures » na ny bakan-jaoridira, entanina arak'izany isika mponina mba hampiditra tsara ny fakontsika ao anaty toeram-panariampako iombonana rehefa manary fako. Nalana ihany koa ireo tany izay entin'ny riaka nandritran'ny ora-na, ka mety manelingelina ny fifamoivoizana.

***Serge***



*Ny fanadiovana nataon'ny CUA teny amin'ny Boriboritany faha-2.*

Boriboritany faha-3 (CUA)

## Nanampina ireo lalana misy lavadavaka

Notampenan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ireo arabe sy lalana, izay misy lavadavaka sy miteraka fitohanan'ny fiara sy ny fifamoivoizana, amin'ny faritry ny Boriboritany fahatelo . Efa nanomboka ny alatsinainy teo ny ekipan'ny DTP na « Direction des travaux Publics », sampan-draharahan' ny asa vaventin'ny kaominina no efa nanao ny asa ; izay natomboka tetsy Ambatomitsangana, Ankadifotsy, Antaninandro ary Ambondrona. Mbola hitohy amin'ny faritra maro izao fanamboarana sy fanampenana lalana izao, fa tsy mijanona hatreo ihany. Tonga teny an-toerana ihany koa ny polisy monisipaly sy ny polisy nasionaly nandrindra ny fifamoivoizana nandritra ny fanamboarana. Fiaraha-miasa teo amin'ny Boriboritany fahatelo sy ny DTP no nahatonga izao hetsika fanamboarana izao. Marihana fa volan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra madiodio no nanaovana izao fanatsarana izao . Ny tanjona dia fintsijovana ireo fiara sy ny vahoaka ary fialana amin' ny fitohanana eto an-dRenivohitra . Tsy eto amin' ny Boriboritany fahatelo ihany no misy izao fanamboarana izao fa manerana ny boriboritany miisa 6 eto Antananarivo.



*Fanamboaran-dalana tao amin'ny Boriboritany faha-3 nataon'ny CUA.*

***Isambilo***

Fahasalamana

## 3606 ny trangana kitrotro any Vakinankaratra

Isan'ireo faritra lasibatry ny kitrotro ny aty Vakinankaratra ary nahafatesana ankizy vitsivitsy mihitsy izany. Olona manodidina ny 02 volana ka hatramin'ny 60 taona no salan-taonan'ireo lasibatry ny aretina kitrotro taty Vakinankaratra, ka ireo olon-dehibe no tena marefo tamin'izany raha vao tsy voatsabo. Raha ny loharanom-baovao azo dia ny vehivavy no maro an'isa voan'ny aretina. Distrika 04 no tena mahita faisana sy ahitana taha ambony dia Ambatolampy, Antanifotsy, Antsirabe I sy II, raha ny fanisana natao nanomboka ny 07 Oktobra 2018. Ho an'ireo Distrika 07 mamaritra ny Faritra dia 3606 no tranga hita, 25 no voamarina raha nivaly ny fitiliana, 166 kosa no tranga nisian'ny fahasarotana ary 03 no maty hatreto. Manoloana ity trangan'aretina ity dia nisy ny filankevitry ny Minisitra manokana ny alahady 03 febroary teo ary tafiditra tao anatin'ny lahadinika manokana ny mikasika ity kitrotro ity. Efa nisy ny fandraisana an-tanana ireo voan'ny aretina nataon'ny Foibem-paritry ny Fahasalamana ary eo am-piandrasana ny fivoaran'ny fandraisana andraikitra ataon'ny fanjakana ny aty Vakinankaratra.

***Solohery***

**SARIITATRA :** *Milay kà, zao rava ny tranon'ialahy*




Vehivavy tratry ny vorika am-bilany

## Taovan-kena sy voamadilo no nivoaka taminy

Tsy fahita raha samy tsy fahita ity mahazo anay ity hoy ny vadin'ity ramatoa ity, fa dia zavatra masiso sy mahatsiravina be izany no nivoaka tamin'ny vadiko. Soa ihany aho hoy izy fa nitondra ny vadiko tany amin'i Jessica mpitsabo 03387 395 41 eny Mandrosoa Ivato, rehefa azo antso izy satria saika maty ny vadiko raha tsy voakarakarany. Toy izao no fandehan'ny tantara : salama tsara sy tomady ity ramatoa ity ary mbola nikarakara sakafo sy ny mpianatra isan'andro. Taorian'ny raharaham-pianakaviana anefa izy hoy ny vadiny dia nitaraina narary kibo ary tsy nahita tory intsony isan-kalina izao. Isaky ny mihetsika anefa io zavatra io hoy izy dia mila ho torana foana izy satria tsy zakany intsony ny fanaintainana. Efa nanatona dokotera ihany izahay hoy izy fa tsy hita izay fanafody mahasitrana azy. Efa nanatona mpitsabo hafa ihany koa hoy izy fa ny teo ihany no teo. Very hevitra izahay hoy ny vadiny, ka tsy maintsy nanatona teny amin'i Jessica mpitsabo, ka izy no nikarakara ny vadiko. Vao notroriny tamin'ny menaka manokana sy nampisotroiny rano fotsiny ny vadiko hoy izy dia nandoa zavatra toa taovan-kena masiso izany ary toa voamadilo izany no niaraka taminy. Nilaza anefa io mpitsabo io hoy izy fa vorika io nahazo azy io ary saika maty mihitsy izy raha tsy voakarakara haingana. Teo vao niaiky tokoa izahay hoy izy fa tamin'ilay lanonam-pianakaviana tany aminay no nisy namosavy izy ary fantatra ihany io olona io, fa tsy hita maso moa ny nataony fa aleo mitandrina amin'ny manaraka. In-droa monja izahay no teny amin'ity mpitsabo ity hoy izy dia sitrana tanteraka ny vadiko raha saika maty tao anatin'ny fotoana fohy monja. Nisaotra manokana ity mpitsabo ity izy mivady satria fahasoavana be no azony taminy.

***Namana***

FLM Antsirabe

## Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny fankalazana ny faha-150 taona

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny faran'ny herinandro teo ny fankalazana ny Jobily faha150 taonan'ny Fiangonana Loterana Malagasy (FLM) Antsirabe antampon-tanàna, ka nitondra ny teny faneva: "Fa Masina ho an'ny Tompontsika ity andro anio ity", nalaina tao amin'ny bokin'i Nehamia 8:10 b, io no teny faneva io. Natomboka tamin'ny fotoam-pivavahana ny fotoana, izay notarihan'ny filohan'ny FLM, Fiangonana Loterana Malagasy, Dokotera RAKOTONIRINA David. Ny fihainoana sy fiainana ny tenin'andriamanitra, indrindra ny fampiharana azy eo amin'ny fiainan'ny taranaka mifandimby no antom-pisian'ny Fiangonana. Nanambara ny Filohan'ny komity jobily faha150 taona, Dokotera Naina ANDRIAMAMPIONONA, no sady filoha amin'ny raharaha ara-tsosialin'ny Faritra Vakinankaratra, fa tamin'ny taona 1896 no nisian'ny Fiangonana Loterana Malagasy voalohany teto Antsirabe, izay naorin'ny "Missionary Rozary". Taty aoriana ny Fiangonana dia nivelatra, ka tonga amin'izao fankalazana ny faha150 taona izao, izany hoe, efa maro ny pastora nifandimby niasa nandritra izay fotoana izay sy ny zanampiangonana mandrafitra ity FLMAA ity ankehitriny. Tsapa ihany koa fa ao andamosin'ny fiangonana hatrany ny fitondram- panjakana manampy ny fiangonana ary mampandroso hatrany. Nandritra izany fankalazana izany ihany koa no nanamafisan'ny Pastora mpitandina FLMAA, Andriamampandry Tiana fa lehibe ny ezaka sy ny vina ho tratrarina amin'izao jobily izao, hananganana ny trano lehibe izay hitsinjovana ireo pastora mpiara-miasa mifandimby sy ahitana efitrano malalaka fanaovana fivoriana eto amin'ny FLMAA, nanolo-tanana sahady teto ny solombavambahoaka voafidy tao Antsirabe II ary ireo avy amin'ny zanaka ampielezana maro ho fananganana ny foto-drafitrasa lehibe izay manodidina ny 230 tapitrisa ariary ny tombam-bidiny hanganganana azy. Notolorana fankasitrahana ihany koa ireo Pastora nahavita be sy ireo nahazo voalohany tamin'ny fifaninanana teny faneva tamin'izao jobily izao. Fantatra ihany koa fa ny fankalazana ny ivon'ny jobily dia ny 06 oktobra 2019 ary ny famaranana ny 29 Desambra 2019.

***Lezama***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa sy Serge

Fanamboaran-dalana ataon'ny CUA ao amin'ny Boriboritany faha-3.









Fanamboarana lalankely ataon'ny CUA ao amin'ny Boriboritany faha-6.





Fanadiovana manodidina ny dabam-pako ataon'ny CUA ao amin'ny Boriboritany faha-2.



